



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivava 16 - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-246

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-001/2023 TAMIN'NY 15 MARTSA 2023 "AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT ADDITIONNEL DU PROGRAMME AFRICAÏN DE FINANCEMENT DE LA GESTION DES RISQUES DE CATASTROPHES (ADRIFI) A MADAGASCAR, CONCLU LE 17 JANVIER 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BANQUE AFRICAÏNE DE DEVELOPPEMENT ET LE FONDS AFRICAÏN DE DEVELOPPEMENT (AGISSANT A TITRE D'ADMINISTRATEURS DE LA FACILITE D'APPUI A LA TRANSITION)-BAD/FAT)»

Fivoriana faha-7
Natao ny
Talata 23 may 2023
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA: - Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Talata 23 Mey 2023, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRIFi) à Madagascar, conclu le 17 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition)-BAD/FAT)».

Nitohy ny Talata 23 Mey 2023, tamin'ny 4 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien.

Fisaorana an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatontosany izany no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana taorian'izay ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangaviany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera voakasiky ny volavolan-dalàna mba hamaky ny tatitra.

Nanantonta izany, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee,
ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Talata faha-23 Mey 2023 tamin'ny 10 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRIFi) à Madagascar, conclu le 17 janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition)- (BAD/FAT)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3- RASOLONJATOVO Honoré
- 4- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 5- RAZARA Pierre Fidèle
- 6- RALAIVAO Paul
- 7- VONINAHITSY Jean Eugène
- 8- MOHAMAD Ahmad
- 9- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 10- RABEKIJANA Solofo Hery
- 11- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy tonga ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Ireto kosa ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana, tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany,

- 1- RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 2- RABENARY Jean

Ny teknisiana tonga nislotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|--------------------------------------|--|
| 1- GD Mamy RAZAKANAIVO | Secrétaire Exécutif CPGU/Primature |
| 2- RAKOTOSEHENO Elisaha | Responsable en passation de Marchés CPGU/Primature |
| 3- NIANDONIRINA Johannes | Experte Genre CPGU/Primature |
| 4- RANDRIANIRINA Hanitra Olivia | MEF/DGT pi Directeur des Etudes |
| 5- RAJAONA Ambinintsoa Nomenjanahary | MEF/DGT/DDP/SASD |
| 6- RAZAFINDRABE Haingo Mbolaso | MEF/DGT/DDP/SADE |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana tamin'izany fa mitentina "19 250 000 USD" ny vola rehetra hampiasaina amin'ny tetikasa, ka mitsinjara toy izao manaraka izao:

- 7 666 400 USD na 5 476 000 UC na 33 419 140 000 Ariary ny vola hindramina amin'ny FAT;
- 5 880 000 USD na 4 524 000 UC fanomezana avy amin'ny FAT;
- 4 700 000 USD, fanomezana avy amin'ny «Fonds Fiduciaires des Multi donateurs de la BAD»;

- 1 550 000 USD, fandraisana anjaran'ny Governemanta Malagasy.

Ireto avy ireo Faritra voakasiky ny tetikasa: Analamanga, Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo-Atsinanana, Androy, Anosy, Atsimo-Andrefana.

Ny hisitraka izany dia ireo mponina marefo (vulnérable) amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'ireo Faritra voatonona ireo.

Toy izao ny fepetra hamerenana ny vola hindramina:

- 40 taona ny faharetan'ny famerenana azy;
- 10 taona tsy andoavana renivola na «période de grâce»;
- Ny tambim-pamoaham-bola (Commission d'engagement) dia 0,50%;
- Ny «commission de service» dia 0.75%.

Ny «Cellule de Prévention et Gestion des Urgences (CPGU)» no hanatanteraka ny tetikasa izay hiara-hiasa amin'ny Minisitera maromaro.

Nanomboka ny volana Janoary 2023 ny tetikasa ka hifarana ny 31 Martsa 2026.

Ireto avy no laharam-pahamehana amin'ny tetikasa:

- Fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny “analyse statistique et modélisation des impacts du changement climatique”;
- Fametrahana «station météorologique» miisa 5 any amin'ny Faritra Androy sy Anosy;
- Fanatsarana efitrano fianarana miisa 100 any amin'ireto Faritra manaraka ireto: Atsinanana, Atsimo-Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany;
- Fananganana «Abris Communautaires» miisa telo (3) ao amin'ny Faritra Analamanga, Atsinanana ary Analanjirofo;
- Fananganana «Magasin de stockage» miisa roa (2) any amin'ny Faritra Androy sy Anosy.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA:

1. I Madagasikara iray manontolo no mamerina ny vola hindramina ka tokony hitarina manerana ny Nosy ny tetikasa amin'ireo Faritra tsy voalaza ato anatin'ny volavolan-dalàna ary tsy ny loza voajanahary irery ihany no misy eto Madagasikara, fa eo ihany koa ny loza hafa tokony hidiran'ny tetikasa;

2. Tokony hasiana fanaraha-maso ny tetikasa indramana vola toy ireto ary hasiana koa ny tetibola hahafahan'ireo Solombavambahoaka manara-maso any ifotony amin'ny nampiasana ny vola nindramina satria maro ny findramam-bola efa nankatoavina teto amin'ny Antenimierampirenena. Mba hahafahana manao tatitra any amin'ny vahoaka no anton'izany.

3. Tokony hojerena manokana ny Distrikan'i Befotaka satria mihoa-pampana ny vidin'ny fitaovana fananganana fotodrafitrasa any an-toerana.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

FANONTANIANA SY VALINY:

- 1. Maninona ny Faritra Avaratra sy Andrefana no tsy voakasiky ny tetikasa amin'ny fametrahana ny "ACUM" (Abris Communautaire à Usage Multiple)?**
 - Ny tombana nataon'ny BAD no nahafantarana ireo Faritra hisitraka ny tetikasa. Ny Faritra Analamanga dia ahitana ireo mponina mipetraka amin'ny faritra iva izay sarotra ny manala azy ireo amin'ny fotoana mampiakatra ny rano rehefa misy ny rivo-doza. Ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo kosa ahitana rivo-doza matetika ka dibodrano. Izay no antony nametrahana ny "ACUM" amin'ireo Faritra ireo. any Andapa dia efa misy an'io "ACUM" io ihany koa.
- 2. Afaka misafidy ny habetsaky ny vola indramina ve ny Fanjakana?**
 - Mitentina eo amin'ny 10 000 000 USD ka hatramin'ny 15 000 000 USD eo ny vola omen'ny BAD azo indramina. Isika dia nisafidy ny hindrana 7 666 400 USD.
- 3. Inona no maha samihafa ny CPGU sy ny BNGRC?**
 - Mifameno ny asan'ny CPGU sy ny BNGRC, fa ny CPGU dia ny fisorohana ny loza, tantsoroka, fanenana ny fiantraikan'ny loza voajanahary no tena sahaniny. Ny BNGRC kosa fanarenana ny loza nateraky ny loza voajanahary.
- 4. Inona no masontsivana isitrahana ny tetikasa?**
 - Ny fanaovana ny masontsivana dia ny fidinana ifotony, fifampiresahana amin'ireo lehiben'ny vondrom-bahoaka itsinjararam-pahefana, toy ny Ben'ny Tanàna. Ireo Faritra mbola tsy nahazo tamin'ireo rafitra mpanampy hafa toy ny "PAM, BNGRC, ..." no ezahina hampiana.
- 5. Manao ahoana ny fanarenana ny loza any amin'ny Faritra Itasy? Tsy tokony ho tafiditra ao anatin'ny tetikasa koa ve ny fanarenana ny loza vokatry ny hain-trano?**
 - Misy fanadihadiana atao mialohan'ny fisitrahana ny tetikasa, ka ezahana ny mahakasika io Faritra io. Mikasika ny hain-trano dia efa misy ny paikady hiatrehana izany, toy ny fametrahana "Sapeur Pompier". Ny BNGRC koa dia efa manana paikady hiatrehana izany ary efa misy ny tetibola manokana ho amin'izany.
- 6. Aiza daholo ny toerana misy fananganana sy fanarenana ireo sekoly voalaza ao anatin'ity tetikasa ity satria tsy voasoratra ao anatin'ny "fiche technique" izany?**
 - Miara-miasa amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny CPGU hamantarana ireo toerana hanaovana izany. Mahakasika ny sekoly miisa 30 dia manomboka any Mananjary ka hatrany Farafangana. Ny sekoly 50 dia mbola tsy fantatra ny toerana hasiana azy, toy izany koa ny fanatsarana ny efitrano fianarana miisa 100. Ireo sekoly simban'ny rivo-doza "Batsiray – Emnati – Freddy" no hisitraka izany.
- 7. Maninona no tara ny fanomezana vary tokony hositrahan'i Befotaka Atsimo izay efa mipetraka ao 3 volana kanefa mbola tsy nozaraina hatramin'izao?**
 - Somary tara ny anjaran'i Befotaka Atsimo amin'ny fizarana ny vary satria nanomboka hatrany Nosy-Varika ny fizarana nataon'ny CPGU. Ny PAM no efa niasa tany ka efa

mandamina izany. Teo ihany koa ny fahasarotan'ny lalana, ka tsy ny fiara rehetra no tonga any.

8. Tsy tokony hampiana ve ireo trano lay (tente) hampiasaina amin'ny fandraisana ireo traboina?

- Efa vitsy ny isan'ireo trano lay ananantsika, ireo fanomezana koa tsy misy rahateo ka ezahina ny hividianana izany.

9. Fa maninona no samihafa ny vola indramina voasoratra ao anatin'ny filazana ny antonantony (7 666 400 USD) sy ny voalaza ao amin'ny "fiche technique" (7 120 000 USD)? Oviana ny fandoavana ny "commission d'engagement" sy ny hahazoana ny fanomezana? Efa nandoa ny anjarany ve ny Fanjakana Malagasy?

- Ny "taux de change" ampiasaina ihany no maha samihafa azy ireo, fa ny 5 476 000 UC ihany io vola indramina io. Mbola tsy naloa ny "commission d'engagement" ary mbola tsy voaray ny fanomezana. Mbola tsy nanome ny anjara tokony haloany ny Fanjakana Malagasy.

10. Mety ho tratra ihany ve ny fe-potoana hamaranana ny tetikasa amin'io 31 martsa 2026 io?

- Azo atao ny mampihemotra io fe-potoana hamaranana ny tetikasa io raha misy ny fifanarahana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana.

Nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRFi) à Madagascar, conclu le 17 janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition) - (BAD/FAT)» ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 1 ora atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fanitsiana sy fanamarihana ny tatitra ny mpivory. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny, fa fanitsiana no atao raha misy izany ary ny Solombavambahoaka vao ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, nanambara fa gaga tamin'ny tatitra novakiana ny tenany satria tany amin'ny asam-baomiera, nolazaina fa hosoratana tao ny fanamarihana farany talohan'ny niatoan'ny fivoriana.

Mikasika ny vola hindramina indray, i Madagasikara iray manontolo no hamerina azy, nangatahana ny teknisiana hoe sokafy ny “zone d’intervention”-nareo, fa tsy ny zavatra nentina tao amin’ny tetikasa fotsiny no lazaina amin’ny asa tokony hatao.

Fanamarihana manaraka, mikasika ny fanaraha-maso an’ity tetikasa ity, notsindrian’ny Solombavambahoaka voafidy tao Ifanadiana tany amin’ny asam-baomiera, fa tokony ho tafiditra ao anatin’izany ny Solombavambahoaka satria “ratification” no atao kanefa tsy fantatra izay anaovana ny fampiasam-bola nindramina; fanampin’izay, ny taranaka any aoriana no handoa ny vola.

Nomena fitenenana an’Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpampakatenin’ny Vaomiera, ka nambarany fa hita ao amin’ny pejy faha-3 eny amin’ny farany ambany izay fanamarihana nolazain’ny namana Solombavambahoaka teo izay.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa anisan’ny nanatrika asam-baomiera koa ny tenany ary niangaviana hivoaka ny solotenan’ny Governemanta sy ny mpandray an-tsoratra tamin’ny nanaovana io fanamarihana amin’ny pejy faha-3 io, ka taorian’izay vao nasaina niverina indray. Koa asa raha mahavaly ny fanontanian’Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle, ny valin-tenin’Andriamatoa Mpampakateny teo.

Taorian’izay, nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta raha manan-kambara momba ny tatitra novakiana teo.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa RASAHAVELO, Sekretera Jeneraly mpisolo toeran’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fialan-tsiny avy tamin-dRamatoa Minisitra, noho ny tsy fahafahany manatrika izao fivoriana izao satria voatana amin’ny andraikitra hafa tsy azo ialana ny tenany.

Mikasika ny tatitra, ao amin’ny pejy faharoa, amin’ny asan’ny “Général de Division”, RAZAKANAIVO Mamy Hery, «Secrétaire exécutif» ao amin’ny CPGU fa tsy CPGN.

Ny anarana ao amin’ny pejy faharoa ihany, laharana faha-4, RANDRIANIRINA Hanitra Oliviah, no izy fa tsy Hanitro.

Taorian’izay, nomena azy hatrany ny fitenenana mba hamelabelarany ny votoatin’ny volavolan-dalàna.

Toy izao no fanazavana nataon’Andriamatoa RASAHAVELO, Sekretera Jeneraly mpisolo toeran’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2023.

Nandalovan’ny loza voajanahary maro i Madagasikara; tahak’izay koa; misy vokadratsiny amin’ny toekarena ny fiovaovan’ny toetr’andro. Nihena arak’izany ny vokatra sy fiharian-karena teto amintsika tao anatin’ny taona vitsivitsy lasa izay. Maro ny fahavoazana sy olona traboina vokatr’izany ary nikorontana ny koa ny fihariana amin’ny ankapobeny.

Ny fahatsapana ireo fahavoazana rehetra ireo; na teo amin'ny lafiny ara-toekarena sy ny fotodrafitrasa izany, indrindra ny ara-tsosialy dia nisy ny fifampiraharaha tamin'ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana sy ny Tahiry Afrikana momba ny Fampandrosoana, tamin'ny alalan'ny «Facilité d'Appui à la Transition» mba hisian'ny fampindramam-bola ho antsika Malagasy hanalefahana ny vokadratsin'ireo tranga ireo. Izay raha lazaina amin'ny teny fohy ny antonanton'ity volavolan-dalàna laharana faha-001/2023 ity.

Mitentina 7 666 400 USD na 5 476 000 UC (unité de compte) na koa 33 419 140 000 Ariary ny findramam-bola hatao amin'ireo «institution financières» ireo.

Natokana ho an'ny famantsiam-bola fanampiny amin'ny «Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques des Catastrophes (ADRFi) à Madagascar» izy ity.

Amin'ny ankapobeny, mitentina 19 250 000 USD ny vola rehetra hampiasaina amin'ny tetikasa momba ity volavolan-dalàna ity, ka mitsinjara tahaka izao izany araka ny hita ao amin'ny tatitra:

- Mitentina 7 666 400 USD na 5 476 000 UC (unité de compte) na 33 419 140 000 Ariary raha atao amin'ny volantsika.
- Mitentina 5 880 000 USD na 4 524 000 UC, fanomezana avy amin'ny «Facilité d'Appui à la Transition» na FAT.
- Misy koa fanomezana avy amin'ny «Fonds Fiduciaires des Multidonateurs de la BAD» izay mitentina 4 700 000 USD.
- Ny anjaran'ny fanjakana Malagasy kosa, mitentina 1 550 000 USD.

Mazava ny voalazan'ny tatitra teo raha ny fepetra hamerenana ny vola indramina no asiana teny.

Ny findramam-bola ataon'ny fanjakana Malagasy dia haverina ao anatin'ny 40 taona. Misy «période de grâce» 10 taona; izany hoe, tsy mandoa renivola isika ao anatin'io fe-potoana io. Ny tahan'ny zanabola na ny «commissin de service» dia 0,75% ary 0,50% kosa ho an'ny «commission d'engagement» na ny tambim-pamoaham-bola izany.

Manarak'izay, eo amin'ny fanatanterahana ny asa dia ny CPGU na ny « Cellule de Prévention et Gestion des Urgences » no hiandraikitra izany. Ny tanjona araka ny voalaza tany aloha dia hanalefahana ny fiantraikan'ny loza voajanahary ho an'ny Faritra maro eto amintsika araka ny laharam-pahamehana voalaza ao amin'ny tatitra.

Nomen'Andriamatoa Sekretera Jeneraly mpisolo toeran'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, an'Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny CPGU ny fitenenana, mba hanazavany ny tetikasa hatao momba ity volavolan-dalàna ity.

Fiarahabana ny mpivory rehetra no nanombohany ny fitenenana ary taorian'izay, nitondra fanazavana ny tenany, ka toy izao no nambarany:

« Financement hybride » ity hataontsika ary misy ny «don», misy ihany ny «prêt». Araka ny lalàna manan-kery eto amintsika, raha «prêt» no atao, tsy maintsy entina eto anatrehanareo Solombavambahoaka izany mba hangatahana fankatoavana.

Misy ny «financement initial» atao izay miompana amin'ny fandoavana latsakemboka na ny «prime d'assurance» ho an'ny CSRS nanomboka tamin'ny taona 2019 ka hatramin'izao taona 2023 izao.

Marihana fa amin'ny ankapobeny, miompana amin'ny fazahoantsika sitraka momba ny “made assurance de capacité” ny «financement initial». Noho izany, zava-dehibe ho an'ny fitondrana Malagasy ny fametrahana ny fanatsarana ny «mécanisme de protection financière» na ny lalam-bola hoentina miatrika ny loza voajanahary eto amintsika satria voafetra ihany ny «Ressources Propres Internes».

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza miisa 4 nifanesy teto amintsika tamin'ny taon-dasa, nandray fanapahan-kevitra ny fitondrana nanao fangatahana na «déclaration» isika. Anisan'ny nandefasana fangatahana fanampiana ny «Banque Africaine de Développement» na ny BAD ary namaly izany izy araka ny voalazan'ny Andriamatoa Sekretera Jeneraly mpisolo toerana teo. Amafisina fa roa ny «financements» nomeny, ka ny iray «Don» ary ny iray ity «prêt» ity entina eto anatrehanareo Solombavambahoaka.

Ho fanohizana ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana no nanaovana ity “prêt” na findramam-bola ity satria ao anatin'ny no ahitana ny asa tokony hatao hanarenana ny fiainan'reo olona sahirana sy marefo.

Ao ihany koa ny atao hoe “rétablissement des services essentiels” ho an'ireo mponina any amin'ny Faritra voalaza hisitraka ny tetikasa mba ho famerenana ny fiainany toy ny teo aloha.

Fanampin'izay, tsy hadino koa ny fanarenana ny fotodrafitrasa maro izay simba vokatry ny fandalovan'ireo rivodoza nifanesy teto amintsika.

Araka ny voalaza teo, fa anisan'ny zava-dehibe hampiasana ity findramam-bola ity ny fametrahana “station météorologique” miisa dimy any amin'ny Faritra Anosy sy Androy, miainga any Amboasary ka hatrany Beloha Androy.

Ankoatran'izay, misy ny fanamboarana sekoly miisa zato (100) any amin'ny Faritra Atsimo-Atsinanana, Vatovavy ary Fitovinany.

Ho an'ny Faritra telo araka ny tatitra teo dia Analamanga, Atsinanana ary Analajirofo, hisy ny fananganana “abris communautaires à multiple usages” na koa “centre d'hébergement” izany. Amin'ny maha “multiple usages” azy izay, afaka ampiasaina ho “salle de réunion” na anaovantsika «exercice de simulation» na atao «stockage de matériel» rehefa tonga ny fotoanan'ny rivodoza. Any koa no ametrahantsika ny traboina mba hanohizan'ny zanatsika ny fianarany mandritra ny fandalovan'ny rivodoza raha sendra misy ny fahasimban'ny fotodrafitrasa, toy ny sekoly.

Hita ato anatin'ny tetikasa raiketin'ny volavolan-dalàna koa izay anisan'ny zava-dehibe dia ny fanohizana ny ezaka ho fampandrosoana ny Faritra Atsimo. Hisy fanorenana “magasin de stockage” lehibe miisa 2 any Androy sy Anosy, azo ametrahana masomboly sy voamaina amin'ny fotoanan'ny haitany izay misy any an-toerana hatramin'izao.

Ho fanampin'ny voalaza teo, mikasika ny “Don” na ny fanomezana: araka ny fifanarahan'ny fanjakana Malagasy sy ny mpamantsy vola, ny PAM no hanatanteraka sy manaraha-maso ny asa, fa ny Governemanta Malagasy kosa misahana ny fitsinjarana ny fanomezana satria ao

anatin'io "Don" io, mitentina "2 600 000 Dollars" ny vola entina hanohizana ny fanampiana sy ny fanarenana ny fiainan'ireo olona sahirana sy marefo, indrindra ny fikajiana ny "ration" ho an'ireo Faritra tena nitondra takaitra tamin'ny fandalovan'ireny rivodoza ireny. Voakasik'izany ny Faritra Atsinanana sy ny Faritra Atsimo, ao anatin'ny asa hatao ny fizarana sakafo ho an'ny mponina tsy mbola tafarina ny fiainany noho ny fahasimban'ny voliny. Tsapa koa fa tsy mbola nahenika ireo Faritra nandalovan'ny rivodoza ny fanampiana natao hatramin'izay na tamin-taona lasa izany na tamin'ity taona ity.

Ankoatr'izay, efa nisy ny hetsika ho fanampiana ny vahoaka tokony hahazo izany saingy tsy maintsy tohizana izay ary hatao ao anaty tetikasa ny fizarana zezika sy masomboly ho azy ireo.

Izay rehetra izay no asa hatao amin'ny findramam-bola mikasika ity "ratification" entina angatahana fankatoavana eto aminareo Solombavambahoaka ity.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, solotenan'ny Governementa tamin'ny famelabelarana ny volavolan-dalàna nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Ramatoa BAOFENO Micheline, raha nandray fitenenana, nanontany hoe: maninona amin'ity tetikasa hotanterahan'ny CPGU mikasika ny findramam-bola ity no tsy mba nahazo ny Faritra Vatovavy sy ny Faritra Fitovinany amin'ireo fametrahana "station météorologique" satria anisan'ny Faritra tena voamafy tamin'ny rivodoza teto amintsika. Inona no masontsivana nifidianana ny Faritra Anosy sy Androy; satria raha jerena, ny fahavoazana tany aminay koa no anisan'ny nahazoana izao findramam-bola izao. Mahazo midina any ifotony ianareo manamarina fa tsy mbola tafarina ny Faritra niavianay hatramin'izao.

Mikasika ny sekoly, mbola tsy fantatra hoe firy koa no mba ho azonay amin'ny fananganana ireo sekoly miisa 100 ireo.

Mikasika ny fizarana ny "Don", betsaka ny olana mitranga amin'izany, toy ny fizarana vary sy masomboly. Eo anatrehan'izay, mangataka ny Solombavambahoaka mba hampidirina amin'ny fanaraha-maso izany any amin'ny Distrika misy anay izay voakasika. Ny antony, izahay no mahalala ny maharary sy manjo ny vahoaka any aminay.

Momba izay fanampiana izay ihany, marihana fa misy olona tokony tsy hahazo no mahazo an'izany, fa olona marefo vao maika mitombo ny faharefoany. Izay no anamafisana fa tokony ho tafiditra amin'ny fanaraha-maso ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMISA Naina Marie Nicolas David, kosa nanamarika fa izao izy vao naheno momba ity CPGU ity. Hatramin'izay, ny BNGRC ihany no fantatra amin'ny fizarana fanampiana ho mponina traboina aorian'ny fandalovan'ny rivodoza. Inona no tena andraikity ny CPGU amin'ny fanampiana ny vahoaka raha misy fiantraikan'ny loza voajanahary.

Marihana fa amin'ity tetikasa hataon'ny CPGU ity, ny Malagasy rehetra no hamerina ny vola; aiza ho aiza ny fijerena ny Distrikan'i Mitsinjo satria tsy misy fanampiana azon'ny mponina

any rehefa misy loza voajanahary. Isan-taona, saika dibodrano foana any aminay rehefa mandalo ny rivodoza.

Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, indray nanambara fa raha nandeha ara-dalàna ny fampiasana ny vola nindramina hatramin'izay, nilamina isika Malagasy ary betsaka koa ny zavatra vita tamin'izy ireny.

Marihana fa rehefa misy "ratification" tahaka izao, tsy maintsy eo ny Minisitra tomponandraikitra, fa tsy teknisana no alefa manatrika ny Solombavambahoaka eto.

Ialana tsiny amin'izay teny izay, fa samy manana ny maha izy azy daholo ianareo ireo saingy tokony harahina ny lalàna.

Efapolo taona be izao isika no handoa trosa, kanefa sahalan'ny hamaivanina izany.

Nanamarika, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa zava-dehibe ity tetikasa iarahana amin'ny CPGU ity raha ny fahitana azy. Ny fanontaniana apetraka, mba misy solotenanareo ve any amin'ny Faritra hafa sa eto Antananarivo ihany. Ny antony, raha jerena ankapobeny, ny "prévention" no tsapa fa tsara kokoa. Ny dikan'izay, tokony ho samy hanananareo solotena daholo ny toerana fantatra fa andalovan'ny rivo-doza matetika. Izany hoe, tokony hisy isaky ny Distrika ny tetikasa mba hahafantarana ny zavatra hatao rehefa mandalo ny loza voajanahary.

Tsy fantatra loatra ny fisian'ny CPGU, fa fotoana tahaka izao vao mitranga ianareo; inona marina no asa tena sahaninareo sa miandry tatitra avy amin'ny fanjakana foibe vao afaka miasa ianareo.

Araka ny volaza teo, ny Malagasy rehetra no hamerina ny trosa, kanefa raha ny fizarana fanampiana no resahana, misy olana izy io. Ohatra, ho an'ny Distrikan'i Sakaraha, Kaominina 12 no tokony homena fanampiana, Kaominina miisa 9 no nahazo, fa ny 3 tena voamafy tsy nahazo na vary iray kapoaka aza.

Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine kosa nanontany mikasika ny fiaraha-miasa hataon'ny CPGU amin'ny Minisitara. Azo fantarina ve, iza daholo ireo Minisitara ireo. Tafiditra amin'izany Minisiteran'ny Fanajariana ny tany, satria toa mitazana fotsiny ny fahasimban'ny «digue de protection» ao amin'ny vavaranon'i Mahajilo ry zareo. Ny antony, atahorana ho dibodrano ny Kaominina ao Miandrivazo rehefa fahavaratra.

Mikasika ny fametrahana ny «station météorologique», efa manana izahay saingy ao anaty lobolobo. Koa raha ampisafidianana izahay ao Miandrivazo, aleo amboarina ny «digue de protection» hiaro anay amin'ny fahavaratra, satria tsy fantatra hoe entina mankaiza ity vola be hindramina ity.

Raha nomena fitenenana kosa, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, nangatahany fanazavana ny mampiavaka ny CPGU sy ny BNGRC.

Mikasika ny fonomezana sy findramam-bola tahaka izao, raha ny tokony ho izy, tokony hisitraka izany ireo olona tena voamafy. Izany hoe, amin'ny fomba fitsinjarana ny fanomezana na fanampiana, mila fantarina mialoha ny olona hisitraka izany; fantarina koa ny

zavatra tena mahazo azy satria raha mijery ny fahabetsahan'ny vola, kely ny filàna azy raha mitaha amin'ny olona tokony hahazo fanampiana.

Momba ireo vola sy fanomezana zaraina any amin'ny Faritra Atsimo, nahoana rehefa mizara vary no avadika ho vary efa masaka izany. Inona koa no ilazana fa vary avy tamin'Andriamatoa Filohampirenena ny vary zaraina any an-toerana. Asa tokony hataon'ny fitondram-panjakana izany raha ny marina no jerena.

Mikasika ny fanatsarana ireo sekoly miisa 100; hatreto, tsy fantatra ny toerana tena hanaovana azy. Lokoina ve dia lazaina avy eo fa sekoly manara-penitra ary tsy avy tamin'ny fanjakana, fa vola indramina avy any ivelany ilazana fa mahavita asa maro izy ireo.

Mikasika ny CPGU, tsy tazana ity «Cellule de Prévention» ity, fa androany vao fantatra; ny antony, takon'ny BNGRC izy. Raha sanatria misy ny hamehana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao, tena tsy ho hita mihitsy ianareo. Tsy holazaina intsony ny vokatra ateraky ny rivodoza eto amintsika; nanambara ianareo fa tsy anjaranareo ny ady atao amin'ny valala. Ny zavatra tsapa anefa, efa miakatra an-tanàna izy ireny; koa aiza ho aiza ianareo satria misy hoe «gestion des urgences» ny andraikitrareo. Asanareo CPGU ve izany; misy zavatra azonareo atao ve mikasika ny ady atao amin'ny valala satria maro ny fambolena no potika.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa RASAHAVELO, Sekretera Jeneraly mpisolo toeran'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Mikasika ny tsy maha eto an-toerana an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola; namita iraka any Egipta izy ny delegasiona tarihiny nanomboka ny Alatsinainy 22 Mey 2023 ka hatramin'ny Zoma 26 Mey 2023; ka izay no antony tsy ahafahany manatrika izao fivoriana izao. Marihana fa fivoriambe isan-taona ataon'ny «Banque Africaine de Développement» no atrehany any amin'izao fotoana izao.

Momba ny fanamarihana sy fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka kosa, omena ny tomponandraikitra mivantana ny famaliana zany.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, rehefa nomena fitenenana:

Mikasika ny hoe tsy hita loatra ny CPGU raha ampitahaina amin'ny BNGRC. Ity farany no manao ny «coordination des opérations d'urgence» fa tsy ny CPGU hatramin'izao. Izany hoe, any amin'ny «urgence» ny mpiara-miombon'antoka no mamatsy vola be kokoa raha oharina amin'ny "prévention", eny na misy aza ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Ampahatsiahivina fa niaraka teto isika tamin'ny taona 2015 nandany ny lalàna mikasika ny «Gestion des risques et des catastrophes» ary hita ao anatin'izany CPGU.

Hita ao anatin'ny «Gestion des Risques et des Catastrophes (GRC)» koa ny rafitra miisa 2 dia ny "niveau stratégique et opérationnel". Araka ny lalàna noliana teto amin'ny Antenimierampirenena, ao anatin'ny "niveau stratégique" no ahitana ny CPGU. «Rattaché» na eo ambany fiahian'ny Primatiora izy. Ao amin'io "niveau stratégique" koa no misy ny «Conseil National de Gestion des Risques et des Catastrophes» izay rafitra afaka mandray fanapahan-kevitra eto amin'ny firenena. Ny CPGU no manao ny fitanana an-tsoratara

(secrétariat) ho an'ny ny «Conseil National de Gestion des Risques et des Catastrophes» izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra, hita ao koa ireo Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, ny Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Misy koa ny «plateforme national au niveau stratégique» manao ny fanampiana sy mizara traikefa amin'ireo mpisehatra amin'ny «Gestion des Risques et des Catastrophes» eto amintsika. Manampy amin'ny fanatanterahana ny asa amin'ny ankapobeny ny CPGU, ao koa ny fandraisana anjara amin'ny “prévention”, ny fampihenana ny faharefoana amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny mahaolona mba ho tsara kokoa ny fiainany «renforcement de la résilience de la population», ny fanorenana fotodrafitrasa mahatohitra rivodoza na «infrastructure anticyclonique», ny fanaovana tombana tamin'ny zava-nitranga taorian'ny fandalovan'ny rivodoza.

Ny BNGRC kosa no antsoina hoe “homme de terrain” ao anatin'izay rehetra izay. Izy no manao ny «coordination», fa ny CPGU no manampy amin'ny «mobilisation financier» raha tsy ampy ny enti-manana ao amin'ny BNGRC. Izany hoe, tafiditra ao amin'ny “niveau opérationnel” izy. Izay no fandrindrana natao; misy koa anefa ny atao hoe: «Stratégie Nationale de la Gestion des Risques et des Catastrophes» (SNGRC) ahitana ny «comité de réflexion des intervenants aux catastrophes appuie la structure centrale opérationnelle» iarahan'ny mpamantsy vola sy ny BNGRC miasa.

Mikasika ny «équipe nationale de secours» any amin'ny vondrom-bahoakam-paritra; raha mahatsapa isika, misy Distrika sasany tsy andalovan'ny loza voajanahary raha tsy indraindray. Izany hoe, tsy «opérationnel» ny «équipe», fa ho an'izay andalovan'izany matetika, misy ny «exercice de simulation», ka ireo ireo olona ireo no mampanao an'izay.

Mikasika ny sekoly, ezahina harindra any amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena izay. Mba hialana amin'ny fiverimberenana, hojerena hoe iza no efa nisy namantsy vola. Hojeranay daholo ny «salle des classes» harenina amin'ity taona ity. Mahatratra eo amin'ny 180 izany any amin'ny Faritra Atsinanana, Atsimo-Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany ary ahitana koa any amin'ny Faritra Anosy sy Androy.

Ireo no apetraka ho laharam-pahamehana, kanefa araka ny fangatahana teo, hitarina izany ary afaka mifampiresaka amin'ny BAD ihany hoe: araka ny laharam-pahamehana dia ireto no azo anaovana fanitarana, afaka mifampidinika aminy ihany isika raha ny tokony ho izy.

Mikasika hoe misy Solombavambahoaka hadino rehefa midina eny ifotony izahay. Raha ny mankany Nosy Varika, sarotra satria mety handeha «vedette» kanefa izahay efa inefatra no tany, fa miala tsiny raha tsy tafahaona isika tamin'izany. Voaray ny fangatahana, nataonao teto imasom-bahoaka izany, ka tsy maintsy ilazaina foana ianao, Ramatoa Solombavambahoaka.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAZAKANAIVO Mamy, tamin'ny famaliany ny fanontaniana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny adininy faha-168 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna amin'ny fifanarahana tahaka izao, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana izany.

Nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandaniahana izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny, tsy nisy nilaza fa ahemotra ny fandaniahana.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-001 tamin'ny 15 Martsa 2023, "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRFi) à Madagascar, conclu le 17 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement-(BAD/FAT)».

Rehefa izany, nomeny fitenenana, Andriamatoa RASAHAVELO, Sekretera Jeneraly mpisolo toeran'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha manan-kambara taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna.

Fisaorana no natolony ny Antenimierampirenena tamin'ny fandaniahana ny volavolan-dalàna. Fisaorana avy amin'ny fitondram-panjakana sy ny CPGU izay miandraikitra ity tetikasa ity izany, hoy izy. Tahaka izay, fisaorana avy amin'ny Primatiora, avy amin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ihany koa.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alarobia 24 Mey 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivoriambe hanaovan'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany nandritra ny taona 2022. Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta no hanomboka izany; manaraka azy ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka ary ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena no mamarana an'izany amin'ny tapany maraina.

Niato tamin'ny 5 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

